FIJOROANA VAVOLOMBELONA NATAON'I ANGELICA ZAMBRANO MOMBA NY LANITRA SYNY HELO

"Miomàna hihaona amin'I Jehovah Andriamanitrao"

Nandritry ny 23 ora, Jesosy dia nampiseho an'I Angelica, zazavavy iray 18 taona, avy any Equateur, any Amerika Latina, ny any an-danitra, ny any amin'ny afobe, ary ny fiverenen'iJesosy Kristy!

Mijoro vavolombelona izy, mitantara ny fahorian'iJesosy Kristy sy ny fitomaniany manoloana ny fanahy marobe very any amin'ny helo, dia ireo olona izay nandà Azy, ny kristiana ihany koa izay tsy nivonona ho amin'ny fihavian'ny Tompo sady tsy niambina, ireo vahoaka tsy sahy nijoro vavolombelona manoloana ireo fanahy very, ary ireo karazana fanalan'andro sy kilalao mitarika ny ankizy ho any amin'ny afobe. Nahita olona be dia be manana ny maha-izy azy very any amin'ny afobe izy: mpihira, artista, eny hatramin'ny mpitondra fivavahana aza.
Nahita ihany koa I Angelica, ny fanjakan'Andriamanitra be voninahitra izay efa nomanina, ho an'ny voninahitra tsy misy toa azy, ary tsy ahitana intsony ny faharatsiana.

Arak'izany, Jesosy dia dia tsy ho avy afa-tsy hoan'ny vahoakan'Andriamanitra manana fahamasinana. Betsaka amin'ny zanak'Andriamanitra no tsy hiakatra miaraka aminy amin'izay andro izay, ary ho very any amin'ny toerana faran'izay mandoro sy mahamay.

MAXIMA (ny Reniny):

Maxima Zambrano Mora no anarako, ary mpivavaka ao amin'ny Fiangonana "Casa de Orancio" ao El Empalme. Tao anatin'ny fifadian-kanina sy vavaka nandritry ny 15 andro izahay, ary nitondra ny fitarainanay teo amin'ny Tompo. Niaraka taminay ny zanako Angelica. Nandritr'izany vavaka sy fifadian-kanina natao izany no nidirako voalohany tany amin'ny tontolo tsy hita maso. Samy niandry izay holazain'ny Tompo taminay izahay. Nampahery anay ny Tompo. Manoloana ny fizahan-toetra sy ny fitsapana, nisy fotoana saiky resy nefa ny Tompo no fialofana sy fiarovana ho anay. Nomeny anay ny ***Jer 33:3:"Antsoy Aho dia ho valiako hianao, ka hampisehoako zava-dehibe sy saro-pantarina izay tsy fantatrao".***

ANGELICA (Zanany):



Angelica Elisabeth Zambrano Mora no anarako. 18 taona aho. Nianatra tao amin'ny kolejy "Colegio José Maria Velazco Ibarra" eto El Canton, El Empalme, eto Equateur aho.
Nandray an'iJesosy ho Tompo sy Mpamonjy teo amin'ny faha-12 taonako aho, nefa hoy aho tao anatiko tao: "Tsy misy fifohazana ny namako, ary mahatsiaro ho tsy mahazo aina aho eo anatrehan'izy ireo".

Izany indrindra no nampivadika ahy hanao ny fanaon'izao tontolo izao, ary nilona tamin'ny fiainan-dratsy. Saingy naneho ny famindram-pony tamiko ny Tompo. Tamin'ny faha-15 taonako, dia namitra-pihavanana tamin'ny Tompo aho, saingy mbola tsy tena tapa-kevitra.

Marina tamiko mihitsy ny voalzana'ny ***Jak 1:8"olona miroa saina, miovaova amin'ny alehany rehetra".*** Niteny ahy ny raiko fa tsy tokony hanao toy izao ianao, ratsy izao ary mampatahotra. Namaly bontana fotsiny aho hoe: "ka izany ny fiainako, mahazatra ahy", izany no tiako ary tsy hisy idiran'ny hafa izany. Dia namaly ny dadako hoe:"Hiditra an-tsehatra amin'ny fiananao Andriamanitra". Hanova anao Izy.

Tamin'ny faha-17 taonako, dia nanatona ny Tompo aho. Ny andron'ny 28 Avril dia niteny taminy aho***:"Tompo o, tsy afa-po amin'ny fiainako aho, fantatro fa mpanota aho, mamindra fo amiko. Tiako mba hosoratanao ao amin'ny bokin'ny fiainana ny anarako ary ekeo aho mba ho zanakao". Nibebaka aho ary nanolotra ny fiainako indray ho an'ny Tompo. Tiako ianao Jesosy mba hanova ahy. Nitomany mafy dia mafy aho ary nitalaho tamin'ny Tompo mba hovainy aho.***
Arakaraky ny nampandeha ny fotoana anefa, toa tsy nahita fiovana aho. Ny naha-samihafa azy fotsiny dia izaho mandeha mivavaka tsy tapaka, mamaky baiboly ary mivavaka. Izany ihany no fiovana izay tsapako.

Tamin'ny volana Aogositra, dia nasaina aho hanatrika fifadian-kanina nandritry ny 15 andro. Nanaiky izany an-tsitra-po aho, saingy alohan'ny hanaovana ilay fifadian-kanina dia niteny tamin'ny Tompo aho**: "Tompo o, tiako ianao mba hijery ny amiko manokana".** Nandritry ny fotoana fifadian-kanina sy ny vavaka, ny Tompo dia niteny tamin'ny olona rehetra afa-tsy izaho. Tahaka ny tsy hitany aho ary nankarary ny foko mafy izany. Nivavaka aho hoe: "Tompo o, tsy hiteny amiko ve ianao? Nitomany irery aho ary nitaraina taminy hoe: "Tena tia ahy ve ianao ry Tompo? Tena miaraka amiko ve ianao? Nahoana ianao no tsy miteny amiko, toy izay ataonao amin'ny hafa, izay afaka milaza teny faminaniana aza? Nangataka taminy aho mba haneho amiko famantarana fa tena miaraka amiko Izy, ary dia nambarany ahy ny ***Jer 33:3 "Antsoy aho dia hovaliako ianao ary ampisehoako zavatra lehibe sy saro-pantarina izay tsy fantatrao".*** Ary namaly aho hoe: "Tompo o, niteny tamiko tokoa ianao". Satria henoko ny feony ary ary nahatsapa fahitana ny teny ao amin'ny Jer 33:3 aho. Notazomiko ho tsiambaratelo anefa izany zavatra hitako izany.

Ny teny hoe "antsoy Aho" dia mazava ho azy fa mivavaka no heviny, fa ny hoe "Ampisehoako zavatra lehibe sy sarom-patarina izay tsy fantatrao", ahoana no hevitr'izany? Dia nieritreritra aho, ny Paradisa sy ny Helo izany, hoy aho. Raha izany ry Tompo, tiako ny mba hanehoanao ahy ny Paradisa fa tsy ny Helo, fa henoko fa toerana mampirorohoro izany any amin'ny helo izany.

Nivavaka mafy tamin'ny foko aho:"Tompo o, raha sitraponao ny haneho ahy izay zavatra efa nomaninao, aoka ho tanteraka ny sitraponao, saingy ovay aho aloha. Tiako ny mba hanaovanao ahy ho olom-baovao, te hiova aho". Taorian'ny fifadian-kanina, dia nisy fitsapàna be nihatra taminay, izay toa nanahirana ahy ny mbola hanohy ny fiainana kristiana. Nefa ny Tompo dia nampahery ahy. Nanomboka nandre ny feony sy nahafantatra Azy aho. Ny Tompo no tena namantsika tonga lafatra, "ny Fanahy Masina", ary tonga tena mpisakaiza tokoa izahay. Dia niteny taminy aho hoe:"Tompo o, Ianao izao no tena namako, te-hahalala Anao bebe kokoa aho, ary te-hizara ny ato anatiko aminao. Nivavaka aho nandritry ny volana Aogositra, ary ny volana Novambra dia nisy mpanompon'Andriamanitra tonga tao aminay, nilaza fa ho tahian'Andriamanitra izahay. Namaly aho hoe: "Amen". Ary niteny taminay izy avy eo fa hitondra hafatra avy amin'ny Tompo no nahatongavany…"Tsy maintsy miomana ianao, hoy izy, fa ny Tompo dia haneho anao zava-mahagaga izay tsy mbola fantatrao. Ho entiny ianao hitsidika ny any amin'ny fanjakan'Andriamanitra sy ny Helo, araka izay efa nirinao, toy izay voalazan'ny Jer 33:3. Nanaiky aho ary nangataka taminy fanazavana ny nahafantarany ny tsiambarateloko. **Dia namaly mazava izy: "Ilay Andriamanitra tokana izay Tompointsika no naneho ahy izany"**.

Avy eo, nivavaka izahay niaraka tamin'ny rahavavy vitsivitsy tao amin'ny Fiangonana sy avy ao amin'ny fianakaviako. Raha vao nivavaka izahay, dia nahita ny lanitra nisokatra aho, ary indro anjely anankiroa no avy nidina nankaty aminay. Sady ranjanana izy ireo no tsara tarehy, ary manana elatra tsara aok'izany. Ny kapany dia mitovy amin'ny vato kristaly, ary ny akanjony dia fitafian'ny any an-danitra. Mahery sady mamirapiratra izy ireo, tahaka ny volamena. Nametraka fanontaniana taminy izahay. Inona no ataonareo aty? Dia nitsiky izy ireo sady namaly hoe: "Misy iraka ampanaovina anay, tonga aty izahay satria ianao dia andeha hitsidika ny any an-koatra, ny Paradisa sy ny Helo, ary tsy hiala izahay raha tsy efa tanteraka ny asa izay nampanaovina anay. Nanaiky aho, saingy ny Paradisa hoy aho no tiako hojerena fa tsy ny helo. Nitsiky ihany izy ireo ary tsy niteny, ary nijanona niaraka taminay. Taorian'ny vavaka dia mbola hitako ihany izy ireo. Hitako ihany koa ny Fanahy Masina. Izy no tena namako indrindra, masina, mahalala ny zavatra rehetra, eo amin'ny toerana rehetra. Hitako izy, sady mamirapiratra no mahafinaritra ny fomba fiteniny. Hitako ihany koa ny fitsikiny mahafinaritra sy ny fijeriny feno fitiavana. Haiko tsara ny manavaka Azy, fa mbola tsara lavitra noho ny anjely Izy. Tsara tarehy ny anjely, fa ny Fanahy Masina dia mbola tsara tarehy tapitr'ohatra manatombo azy ireny. Nihaino ny feony aho, feno fitiavana sy mahafinaritra. Tahaka ny tselatra ary niteny tamiko ny feony manao hoe:" Momba anao Aho", ary niezaka niaraka tamin'ny Tompo foana aho na dia nandalo fisedràna mafy tokoa aza, vokatr'izany, nefa nivoaka mpandresy foana. Dia niteny aho hoe:"Tompo o, aoka ny sitraponao no hatao".
Hitako foana ireo anjely ireo, na dia tany am-pianarana aza. Faly dia faly aho, nahita azy ireo foana.

Ilay mpanompon'Andriamanitra tonga tao aminay, dia nanomana ahy fa hitsidika ny amin'ny Paradisa sy ny Helo ianao. Niteny tamiko zavatra hafa izay sarotra takarina ihany koa izy. Ho faty ianao, hoy izy. Tsy mora ny mandre zavatra tahaka izany: ho faty sahady ve aho, nefa izaho mbola tanora? Aza manahy ianao, hoy izy, fa ny zavatra rehetra ataon'Andriamanitra dia tonga lafatra. Ho velominy indray ianao avy eo, ary hijoro vavolombelona ny fisian'ny Paradisa sy ny Helo. Izany no tian'ny Tompo ho fantantsika rehetra. Namaly azy aho hoe "Amen", nefa ahoana no fomba ahafatesako, havadiky ny fiara ve aho? Fanontaniana maro no tao an-dohako, fa ny Tompo kosa no nanome toky ahy fa ny fiainako dia efa eo an-tanany. Ary nisaotra Azy aho.

Tamin'ny 6 Novambra, rehefa avy nianatra aho, ka tonga tao an-trano, ny anjely dia niaraka tamiko foana, nandritry ny fotoana rehetra, eny hatramin'ny fotoam-bavaka.
Tsy miresaka amiko izy ireo, ny zavatra hany lazainy dia ny hoe: "Masina, masina, masina, Aleloia" midera sy mankalaza an'Andriamanitra Ray. Ny Fanahy Masina ihany koa dia hitako miaraka amin'ny anjely, ary faly dia faly aho. Betsaka ny olona miteny fa izany Filazantsara izany dia mahamonamonaina, hitako fa tena lainga afafin'ny devoly izany, mba hanakana antsika tsy hihaona amin'ny Tompo sy ny Fanahy Masina. Taloha, dia tena nihevitra toy izany tokoa aho, fa ankehitriny kosa, ny Filazantsara no zavatra mahaliana sy mahafinaritra indrindra eto ambonin'ny tany.
Afaka miresaka tsara, eny milalao miaraka amin'ny Fanahy Masina aza aho, fa ny anjely kosa, tsy miteny amiko, fa midera an'Andriamanitra foana. Ary niteny aho hoe:"Fanahy Masina o, miaraha amiko foana n'aiza n'aiza". Dia tonga foana izy amin'ny toerana sy ny fotoana izay ilàko azy, ary mahita sy mahatsapa ny fanatrehany aho.
Hitako izy mitsangana eo akaikiko, ary dia omeko seza hipetrahany. Ny olona rehetra tsy mahita Azy, fa izaho kosa ny masoko mihitsy no mibanjina Azy. Mitohy izany fifandraisana izany, amin'ny fotoana voalohany nihaonana, ary tsy tapaka intsony.

Tamin'ny 7 Novambra, rehefa avy nianatra aho, dia naheno feo niteny hoe: "Miomana ianao fa ho faty ianao androany". Fantatro ilay feo fa ny Fanahy Masina satria efa haiko tsara ny manavaka Azy. Toy ny tsy nohenoiko ilay feo fa nikiakiaka aho hoe**:"Tompo o, tsy te-ho faty aho". Namaly Izy sady niteny mafy sy hentitra kokoa: Miomana ianao fa ho faty ianao androany".** Dia niteny taminy aho: "Tompo o, fantatro fa Ianao no miteny amiko amin'izao fotoana izao, hamarino amiko izay tena tianao atao amiko. Hataoko izay rehetra andidinao Ahy, satria fantatro fa azo antoka ny fanatrehanao sy ny fisianao.

Nivavaka aho sady nangataka ilay mpanompon'Andriamanitra niteny tamiko hoe, raha tena marina izany, dia asaovy mialoha ahy tonga ao an-trano izy ary hampahafantatra ahy izany ihany koa".
Rehefa tonga tao an-trano aho, indro, efa tonga mialoha tao tokoa ilay mpanompon'Andriamanitra.

Maxima:
Raha sendra tao an-dakozia I Angelica indray andro dia nahita ny lehilahin'Andriamanitra ary niteny taminy nanao hoe: "Ho tahian'Andriamanitra ianao". Namaly ilay mpanompon'Andriamanitra hoe: "Hotahian'Andriamanitra ihany koa ianao". Ahoana, vonona ny ho faty va ianao? Satria efa programan'Andriamanitra fa ho faty ianao androany amin'ny 4 ora hariva ianao." Taitra tokoa izy tamin'izany Tenin'ny Tompo izany.

Angelica:
Rehefa naheno izany aho dia namaly tsotra hoe: "Amen, tsia tsy te ho faty aho. Tsia ry Tompo, matahotra aho, tena matahotra aho ary mihorohoro. Niteny taminy ilay mpanompon'Andriamanitra: "Ndao isika hivavaka mba handroahana ny tahotra amin'ny anaran'I Jesosy Tompo". Dia namaly aho hoe : "Amen" ary nivavaka izahay avy eo. Tampoka teo, niala tanteraka tato anatiko ny tahotra ary nisy fifaliana tsy hay visavisaina tato anatiko, ary tonga nihevitra aho fa izany fahafatesana izany dia zava-mitranga mahatretrika sy mahafinaritra.
Nahatsapa ireo olona nahita ahy fa tafafindra niala avy tao amin'ny alahelo ho ao amin'ny fifaliana aho. Nitsiky aho, nihomehy, nitsambikimbikina ary nihiram-pifaliana.

Maxima:
Nilaza ny reniny fa tena faly dia faly I Angelica ary dia nihianan-kanina izy. Nihinanany avokoa ny sakafo rehetra, ary izao ny teniny hoe: "Tsy mampaninona na tsy miverina intsony aza aho aho, satria izaho efa tena voky".

Angelica:
Gaga avokoa ny olona rehetra ka niteny hoe: Tena mahatalanjona ny fihetsiny. Raha ny marina tokony halahelo mafy izy amin'ny hoe ho faty, nefa toa ny mifanohitra amin'izany no mitranga! Vao mainka koa ianao faly!
Tena marina izany hoy aho, ndeha hihaona amin'Andriamanitra aho, ary hiaraka Aminy, koa tsy fantatro aho na mbola hiverina na tsia, koa dia tapa-kevitra aho fa hizara ny fananako rehetra. Dia gaga izy ireo, indrindra fa ny reniko raha nahare izany.

Maxima:
Nozarain'iAngelica ny fananany. Nisy rahavavy tao amin'ny Tompo niaraka taminay tao ary nomeny zavatra kely tsirairay avokoa ny rehetra. Kanefa nilaza izy fa raha miverina dia halainy daholo izany fananany izany.

Angelica:
Nalahelo mafy noho ny zavatra nambarako ny reniko. Izaho kosa anefa dia tena nahatsiaro faly ka izany no antony nizarako ny fitafiako, ny fandrianako, ny telefona-ko. Kanefa raha miverina aho dia alaiko indray izany hoy aho tamin'izy ireo. Ary rafitra nihomehy izy ireo.

Maxima:
Tena tapa-kevitra tokoa I Angelica, fa amin'ny maha-reny ahy kosa dia tena nalahelo aok'izany aho. Tsy mora akory izany. Nanontany tena aho ny amin'izay hitranga kanefa tsy tsy misy fantatro. Raha nanomboka nivavaka izy ireo, izaho kosa mbola sahirana nandamina ny zavatra tao an-trano. Niangavy ahy izy ireo hivavaka miaraka aminy, saingy tsy sasatry ny niteny aho fa ho avy hiara-hivavaka amin'izy ireo.

Angelica:
Nibanjina ahy izy ireo nandritry ny vavaka nataony. Nivavaka aho nony avy eo***: "Tompo o, ny tiako dia ny sitraponao no aoka ho tanteraka, tsy olombelona ianao ka hanenina na handainga, fantatro fa velona ianao. Raha toa aho ka sanatrian'izany tsy hahavita ny sitraponao, dia raiso aho ho any aminao, fa raha tianao kosa aho hanao ny sitraponao, avereno ety ambonin'ny tany aho, ary ampio aho hilaza ny marina, mba hitory sy hilaza amin'ny olona rehetra mba hibebaka".*** Izany no vavaka fohy nataoko. Niangavy azy ireo aho mba tsy hilaza na inona na inona amin'ny reniko. Izahay hoy ny mpanompon'Andriamanitra tsy hilaza na ina na inona amin'ny reninao, raha mbola eto ianao, fa rehefa lasa kosa ianao, tsy maintsy ampahafantarinay azy ny marina! Dia notohizana hatrany ny vavaka ary nanao faribolana ny mpanompon'Andriamanitra.

Maxima:
Rehefa tonga ny tamin'ny 3 ora sy sasany hariva, dia nanosotra diloilo an'I Angelica ny mpanompon'Andriamanitra, nandritry ny 2 mn teo ho eo. Vitsivitsy tamin'izy ireo no nitokana niaraka taminy tao amin'ny efitrano iray.

NY FAHAFATESANA

Angelica:
Ny reniko sy ny mpanompon'Andriamanitra iray "Fatima Navarette" dia nanosotra diloilo ahy. Fa nandritry ny nanosorany menaka ahy, nahatsapa aho fa toa norakofana zavatra tahaka ny fitaratra ny vatako iray manontolo. Sarotra tokoa ny manazava izany. Tahaka ny norakofana akanjo fiarovana ny vatako iray manontolo, eo amin'ny 30 sm eo ho eo no hatevin'izany, ary tsy afaka nikasika ahy intsony ireo mpanompon'Andriamanitra.

Maxima:
Rehefa nivavaka izy ireo, dia nikasa ny hametraka ny tanany tamin'I Angelica izy, saingy tsy afaka nanao izany, na dia izany aza no fanaony rehefa mivavaka ho an'ny olona. Tena misy zavatra hafa mihitsy, hoy aho.
Nivavaka aho ary nisaotra an'Andriamanitra. Tampoka teo, nisy fifaliana lehibe nandrakotra ahy, niala tato anatiko ny tebiteby sy ny fanaintainana. Tena faly tanteraka aho. Notohizana ihany ny vavaka hatramin'ny 4 ora hariva, rehefa izany dia nianjera tamin'ny tany ny zanako.

Angelica:
Nandritry ny vavaka, dia nanomboka sempotra aho ary tsy avy niaina intsony. Nisy fanaintainana mafy tao amin'ny kiboko sy ny foko. Nahatsapa aho fa nijanona ny fikorianan'ny rako, ary nisy fanaintainana mafy tamin'ny vatako manontolo. Ny hany voalazako dia ny hoe:" Tompo o, ampaherezo aho, ampaherezo aho". Tsapako fa tsy afaka hanohitra intsony aho, ary tsy afaka hijoro intsony. Niala tato amiko ny heriko. Rehefa nibanjina ny lanitra tamin'ny masom-panahiko aho, dia indro hitako ny lanitra nisokatra. Nahita ny anjely maro an'alin-kisa aho, ary teo afovoan'ny lanitra dia nisy hazavana izay 10 000 heny lavitra noho ny mahazatra. Hoy aho hoe:"Tompo o, ianao ve no avy?"

Maxima:
Rehefa nianjera tamin'ny tany Angelica, dia noezahina narenina saingy tsy nahazaka ny tenany. Ankehitriny dia azonay notsapaina izy. Hoy ny nambarany: "Mivavaha fa tsy manana hery intsony aho ry Neny". Tamin'ny voalohany dia narary ny fony, avy eo dia nihanaka tany amin'ny kibony izany. Nitohy nangata-bavaka tamin'ny Tompo izahay. Noraisin'ny Tompo ny ainy!
Tsy mbola nanatrika fialan'olona aina aho. Tsy maintsy nanatrika ny fahafatesan-janaka sy ny fialany aina aho, ary tsy mora velively izany. Tsy azoko intsony izay noteneniny, ary farany tsy nahateny intsony izy.

Napetrako teo amin'ny tarehiny ny tanako, ary nasiako fitaratra teo amin'ny vavany nitsapako raha mbola miaina izy na tsia. Ny valiny dia tsia. Notazoniko izy, mbola nafàna aloha tamin'ny voalohany, saingy niha-nangatsiaka izy ary farany dia namanala tanteraka.

Angelica:
Etsy andaniny, Jesosy kosa midina manitsy azy, ny tenako kosa miroso amin'ny fahafatesana. Arakaraky ny hanatonan'I Jesosy sy ny anjely, dia fantatro fa handeha tokoa aho, ary tsy tompon'ny tenako intsony. Tsy nisy aina intsony aho, tamin'ny tenako efa nidaboka tamin'ny tany dia efa teo Jesosy mbamin'ny anjely. Feno anjely ny tranonay, ary teo afovoany dia nahita hazavàna mamirapiratra lavitra noho ny masoandro aho. Mafy sady mangirifiry tamiko ny nialan'ny fanahiko tamin'ny vatako. Niteny tamin'ny Tompo aho hoe:" Fa misy inona?" Niezaka aho hikasika ilay vatako tavela teo amin'ny tany sy hiverina hiditra ao aminy, saingy tsy afaka intsony aho, tahaka ny misambo-drivotra. Tsy nisy tamin'ny olona teo nahare ny feoko mikiakiaka hoe:"Tompo o ampio aho".

Maxima:
Tonga ny vadiko nandritra ny fotoana nivavahanay, ary nahita ny zanakay nidaboka tamin'ny tany. Nampahery ahy ny Tompo tamin'io fotoana io, satria tsy hitako intsony izay natao. Tahaka ny olona maty ny zanako, nefa tsy nanahy aho satria fantatro fa izao no sitrapon'Andriamanitra. Ary izay mihitsy no feo namolivoly tato anatiko: "Tompo o, aoka ny sitraponao no hatao".

.

JESOSY KRISTY

Angelica:
Tamin'izay fotoana izay indrindra hoy I Angelica, nandre ny feon'ny Tompo aho, mahafinaritra aoka izany, mirahondrahona toy ny kotroka, nefa feno fitiavana. **"Aza matahotra hoy Izy, Izaho no Jehovah, ary tonga aho haneho anao ny zavatra izay efa nampanantenaiko. Mitsangàna ianao satria Izaho no Jehovah izay mihazona ny tananao ankavanana, sady miteny aminao hoe aza matahotra fa hanampy anao Aho"**. Tampoka teo dia tafatsangana aho. Nandritry ny fotoana rehetra teo mantsy, dia nandohalika foana aho ary niezaka hiverina tao amin'ny vatako, saingy sasa-poana. Rehefa nahare ny feon'ny Tompo aho dia niala tao amiko ny tahotra, nanomboka nandeha aho, ary ny anjely no nanemitra ny lalana nalehako, ary nisy mazava namirapiratra ihany koa. Rehefa nibanjina ilay mazava aho dia nisy fiadanana tapitr'ohatra tato anatiko. Nahita lehilahy tsara tarehy sady ranjanana, nofosana sady namirapiratra aho. Namirapiratra loatra ny hazavany ka tsy nahajery ny tarehiny aho. Fa voamariko tsara kosa ny volony milokom-bolamena, ny akanjony fotsy ary misy lokom-bolamena ihany koa eo amin'ny tratrany izay misy soratra hoe **"Tompon'ny tompo sy Manjakan'ny mpanjaka".**

Nojereko ny tongony, niaraka tamin'ny kapa volamena mamirapiratra. Tena tsara tarehy Izy. Natolony ahy ny tanany, ary afaka nandray tsara izany aho. Nanontany Azy aho hoe : "Inona no zava-mitranga Tompo?" Ary namaly ahy izy nanao hoe: **"Ho entiko hamangy any amin'ny Helo ianao, mba hahafahanao milaza amin'ny olona rehetra fa tena misy ny Helo. Hasehoko anao ihany koa ny Voninahitro, hahafahanao ihany koa manambara amin'ny vahoaka fa tsy lainga akory ny voninahitra omena antsika".** Nanome toky ahy Izy: "Ry zanako vavy, aza matahotra na dia kely aza". Izaho tsy handao anao, hasehoko anao ny atao hoe "Helo".
Ny antony, satria betsaka ny olona no mahalala ny fisiany, saingy tsy manana tahotra na dia kely akory aza, ary misy koa ny manao izany ho vazivazy, ny sasany indray tsy mahalala mihitsy. Izany no antony hitondrako anao any satria marobe no lasa any amin'ny helo noho ny tonga any amin'ny paradisa.

Rehefa avy niteny Izy, indro ny ranomaso fa nikoriana tamin'ny tavany, izay nandena ny akanjony mihitsy. Nanontany Azy aho hoe fa maninona Ianao ry Tompo no mitomany. Namaly Izy**:"Ry zanakovavy, satria be lavitra ny fanahy very, dia asehoko anao izany toerana izany mba hilazanao ny zava-misy marina, ary mba tsy ho lasa aty koa ianao".**

NY AFOBE

Tampoka teo rehefa niteny Izy, indro fa nihorohoro ny tany, ary nisokatra. Nahita lavaka mainty be aho tao ambany tao. Izaho kosa nitsangana teo amin'ny vatolampy anankiray izay voahodidin'ny anjely. Niteny aho hoe: "Tompo ô, izaho tsy te handeha ho any". Dia namaly ahy Izy:"Ry zanakovavy, aza matahotra, fa miaraka aminao Aho". Tao anatin'ny indray mipi-maso no nidinana tamin'ilay lavaka mainty be. Niezaka nijery aho saingy maizina tanteraka. Nahita faribolana lehibe aho ary nandre feon'olona an-tapitrisany. Nafàna be aho ary tahaka ny nirehitra ny hoditro. Inona izao, hoy aho mantsy ny Tompo. Namaly ahy Izy, fa vao ny lalana NA TONELINA mankany amin'ny Helo ihany izao diavina izao. Misy fofona ratsy sy mankaloiloy renay, ary niangavy mafy ny Tompo aho mba tsy handeha ho any, saingy niteny Izy fa tena ilaiko ny mahita io toerana io.

Nanontany ny antony aho, dia nolazainy fa tsy maintsy milaza ny marina aho satria mizotra ho any amin'ny fahaverezana ny olona, ary vitsy ny olona tonga any an-danitra (Mat 7:14). Rehefa niteny izany Izy dia nitomany, ary nampahery ahy tokoa ny Teniny.

Tonga tany amin'ny faran'ny Tonelina izahay, rehefa nijery tao ambany dia indro nisy lavaka be misy afo mirehitra. Nomen'ny Tompo "classeur" aho niaraka tamin'ny taratasy fotsy sy penina, ary nasainy nosoratako ara-bakiteny izay zavatra rehetra hitako sy iainako. Hataoko izany, hoy aho mantsy ny Tompo, saingy efa mahita sahady aho fanahy maro be mijaly ankehitriny.

Maxima:
Ny vatan'ny zanako vavy dia mbola nidaboka tamin'ny tany ihany. Rehefa nanadio azy aho dia hitako fa nirotsaka ny ranomaso tamin'ny tavany. Tsy niaina izy, ary tsy nitempo ihany koa ny fony. Dia niteny ny mpanompon'Andriamanitra nanatrika teo fa tsy any amin'ny toeram-pifaliana izy fa any amin'ny fijaliana.

Angelica:
Niangavy mafy tamin'ny Tompo aho mba hamoaka ahy hiala any amin'ny Helo. Saingy arakaraky ny niangaviako Azy no vao mainka koa nidinanay tany amin'ny farany ambany.
Nahita karazana devoly mahatsiravina sy mampatahotra isan-karazany aho, kely sy lehibe, mihazakazaka mafy ary mitana zavatra eny amin'ny tanany. Nanontany ny Tompo aho hoe inona ny zavatra tazonin'izy ireo eny an-tanany. Dia namaly ny Tompo: "Ry zanakovavy, mihazakazaka izy ireo satria fantany fa efa kely sisa ny androny. Mitazona tsipika na lefona eny an-tanany izy ireo mba hitifirana sy handringanana ny zanak'olombelona. Ny devoly TSIRAIRAY dia manana anaran'olona hopotehana sy hovonoina ary entina aty amin'ny helo. Ny tanjon'izy ireo dia ny hanapotehana sy hamitahana ilay olona ary hitondràna azy aty amin'ny Helo".
Nahita devoly mandeha mihazakazaka mankany ambonin'ny tany aho ary nohazavain'ny Tompo tamiko fa mandeha any izy ireo mba hisambotra ny olona ary hanipy azy aty amin'ny Helo. Rehefa niteny izany Izy dia nitomany mafy, ary nitomany ihany koa aho tao anatin'izany.

Maxima:
Efa maty nandritry ny 23 ora ny zanako saingy tsy nampahafantatra ny manam-pahefàna aho. Nivavaka aho fa raha tsy miverina ao anatin'ny 24 ora ny ain'ny zanako, dia hiantso dokotera . Saingy naverin'ny Tompo mialohan'ny 24 ora izy.

Angelica:

“Vonona va ianao ny amin’izay zavatra asehoko anao?” hoy ny Tompo. “Eny” hoy aho. Nentin’ny Tompo tany amin’ny toerana iray nisy efitra kely nahitana tovolahy iray mirehitra ao anaty afo aho. Misy marika io efitrano kely misy azy io, ary ilay tovolahy dia mitondra ny marika 666 eo amin’ny handriny. Misy takelaby ihany koa miraikitra amin’ny hodiny. Na ny kankana izay manaikitra azy, na ny afo dia tsy maha-levona ilay takelaka. Nitaraina tamin’ny Tompo izy hoe: “Tompo o mamindrà fo amiko, avoahy hiala ato amin’ity toerana ity aho”. Hoy ny Tompo:”Tara loatra ianao, nanome anao fotoana lava aho teny ambonin’ny tany saingy tsy nety nibebaka ianao”.

Nanontany ny Tompo aho ny amin’ny antony nahatongavany aty amin’ny Helo, hay olona fantatro izy io. Io tovolahy io dia olona efa nivavaka taloha, saingy niverin-dalana ka lasa tany amin’ny fisotroan-toaka, ny rongony ary nizotra nankany amin’ny lalan’ny fahaverezana. Tsy nety niverina tamin’ny Tompo izy na dia nisy aza ny fampitandremana be dia be izay efa natao azy. Tonga aty izy, hoy Jesosy, satria na iza na iza mandà ny Teniko, dia ny Teniko ihany no hitsara azy (Jao 12:48). Ny Teny izay nolazaiko no hitsara azy amin’ny andro farany. Dia nigogogogo nitomany indray ny Tompo.

Ny fomba fitomanian’ny Tompo dia hafa loatra tsy tahaka ny an’ny olombelona. Lalina dia lalina ny ranomasony satria hatrany amin’ny aty fony no mitaraina. Nilaza izy fa **“TSY NAMORONA NY HELO HO AN’NY OLOMBELONA IZY FA NATOKANA HOAN’NY DEVOLY SY SATANA IO TOERANA IO SAINGY NOHO NY FAHOTANY SY NY TSY FETEZANY HIBEBAKA, DIA LASA ATY KOA IZY, ARY BE DIA BE NO VERY ATY NOHO NY TONGA ANY AM-PARADISA”.** Mbola nitomany indray izy ary nalahelo dia nalahelo aho nijery Azy**. “Ry zanakovavy, nahafoy ny aiko Aho mba hamonjena ny zanak’olombelona, mba tsy ho faty izy, ary mba tsy ho lasa aty amin’ny helo. Nomeko azy ny aiko ho mariky ny fitiavako sy ny famindram-poko, mba hirosoan’ny zanak’olombelona amin’ny fibebahana hahazoany ny fanjakan’Andriamanitra”.** Nitoloko tanteraka Izy nandritr’izany ary tsy azo nampiononina nanoloana ireo fanahy very. Izaho kosa, nahatsiaro fiadanana teo anilan’ny Tompo, ary izao no teny tato anatiko tao hoe raha izao aho izao no mamotsotra ny Tompo dia ho tavela eto.

Nanontany Azy indray aho raha misy fianakaviako lasa aty amin’ny Helo na tsia. Ary nasehony ahy vehivavy iray mijaly ao anaty afo, feno kankana ny tarehiny, ny devoly dia manindrona sabatra ny vatany. Nikiakiaka izy nitaraina tamin’ny Tompo hoe: “Jesosy o, mamindra fo amiko, mba esory ato aho na dia iray minitra ihany aza”.

Any amin’ny helo, ankoatry ny fijaliana izay mahazo azy, dia ampahorian’ny eritreritra noho ireo izay zavatra nataony teny ambonin’ny tany ihany koa izy ireo. Maneso azy ireo ny devoly ka miteny hoe:”Misaora sy miderà satria eto ny fanjakanareo”. Ary mikiakiaka sy manenina izy satria nahatsiaro fa nahalala an’Andriamanitra sy ny Soratra Masina. Izay efa nahalala an’Andriamanitra dia avo roa heny ny fijaliany. **Ho an’izay tonga aty hoy ny Tompo dia tsy misy hevitra intsony ny aminy, fa ho an’izay any ambonin’ny tany kosa, dia mbola misy tanteraka ny fanantenàna**.

Nanontany ny Tompo aho hoe, fa nahoana ny renibeko no lasa aty? Nanazava Jesosy: “Ny renibenao tany ambonin’ny tany dia tsy nety namela heloka. Na iza na iza tsy mamela heloka, dia tsy hamela heloka azy aho”. **Mandehana hoy Izy, lazao ny olona fa fotoana tokony hifamelàna heloka izao, mba tsy hahatongavany aty amin’ny helo**. Lazao izy ireo mba hiala amin’ny fankahalàna, ny lolom-po, ny alahelo any anaty any. Raha maty ny olona iray, ka tsy namela heloka, dia hivantana aty amin’ny helo izy.

Rehefa nandao ny toerana nisy ny renibeko izahay, dia natelin’ny afo izy rehefa avy eo ary niteny ratsy an’Andriamanitra izy. Olona maro no manatin-tanana mitaraina amin’ny Mpamonjy mba hanafaka azy ao anaty afo. Saingy tsy afaka manao na inona na inona amin’izy ireo intsony ny Tompo, ny zavatra azo atao dia ny mibebaka raha mbola ety ambonin’ny tany, dieny mbola tsy maty.

Be dia be hoy Jesosy ny olona manan-daza teny ambonin'ny tany very aty amin'ny helo. Andao fa hasehoko anao ny ampahany amin'ny helo afo. Tonga teo amin'ny toerana nisy vehivavy iray rakotry ny afo izahay. Nijaly fatratra izy ary nangataka famindrampo tamin'ny Tompo. Notondroin'I Jesosy tamin'ny fanondrony izy ka hoy Izy tamiko "Ry zanako, Selena no anaran'io vehivavy hitanao io." Rehefa nanantona azy izahay dia nikiakiaka izy hoe"Tompo ô, mamindra fo amiko, esory ato aho!" Nibanjina azy ny Tompo ary niteny hoe: "Tara loatra. Tsy afaka mibebaka intsony ianao" Nibanjina ahy izy ary niteny hoe "Miangavy re, lazao amin'ny olona rehetra ny momba ny helo, miantsoa mafy ary aza mangina." Ambarao aminy mba tsy ho tonga aty izy. Lazao ny olona mba tsy hitendry na hihira ny hirako. Nanontany azy aho: "Fa maninona no tianao entiko amin'ny olona izany hafatra izany?" Hoy ny navaliny: **"Satria isaky ny misy olona mitendry na mihaino ny hirako dia mihamitombo ny fampijaliana ahy."** Ireo olona ireo koa mantsy dia efa manomana ny lalany aty amin'ny helo sahady. Miangavy re, ambarao mba tsy ho aty izy ireo. Lazao fa misy marina ny helo. Niantsoantso izy ary ny devoly kosa dia avy mandefa zana-tsipika aminy ary mitomany izy: "Vonjeo aho Tompo ô, mamindra fo amiko". Kanefa hoy Jesosy taminy: "Tara loatra".

Nijery manodidina aho, ary nahita mpanakanto sy artsita maro. Ny ataon'izy ireo dia ny mihira tsy mitsahatra. Nohazavain'ny Tompo ahy fa ny olona aty amin'ny helo dia manohy hatrany ny zavatra fataony fony mbola teny ambonin'ny tany.
Nandinika aho, ary nahatsinjo devoly maro izay noheveriko fa mamafy rano. Noheveriko fa avy ny orana. Hay olona rakotra afo no manidina fa tsy orana tsy akory. "Ampio aho Tompo, fa zavatra tena tsy azo heverina izao!" Ny devoly kosa dia nihomehy sy niteny tamin'ny olona: "Ankalazao sy tompoy fa ity no fanjakanareo mandrakizay." Hitako nihamafy ny afo ary ny kankana nihatra tamin'ny tenany koa nihanitombo. Tsy rano fa tena solifara nanampy ny afo, izay nampitombo ny fanaintainan'ireo mijaly.
Nanontany ny Tompo aho: "Fa inona no mitranga?"…Hoy Izy: "Izao no valin'asan'izay tsy nety nibebaka" (Salamo 11. 6)

Avy eo dia nentin'ny Tompo tamin'ny toerana nisy olona malaza iray aho. Nino marimarina tokoa aho taloha amin'ny maha-kristiana ahy fa rehefa maty ny olona iray dia mankany am-paradisa, ary ireo mpamonjy lamesa dia mankany avokoa saingy diso aho. Rehefa maty Pape Jean Paul 2 dia niteny ny namako sy ny fianakaviako fa lasa any am-paradisa izy. Hoy ny mpilaza vaovao: "Nodimandry ny Pape Jean Paul 2 ary ny fanahiny dia feno fiadanana. Ankehitriny izy dia mifaly miaraka amin'I Jesoa Kristy sy ireo anjelin'ny lanitra". Ary ninoako tokoa izany vaovao izany.

Kanjo voafitaka aho, fa indro hitako mijaly ao anaty afo izy. Hitako ny endriny ary fantatro. Hoy ny Tompo tamiko: **"Jereo tsara anaka, Pape Jean Paul 2 io hitanao io. Mijaly aty izy satria tsy mba nety nibebaka."** Namaly aho hoe "Tompo ô, fa maninona izy no aty? Nefa nitory tamin'ny fiangonana?"
Hoy navalin'I Jesosy: ***"Ry zanako, ny mpijangajanga rehetra, na ny olom-betaveta, na ny olona mierina (mpanompo sampy) dia tsy handova ny fanjakan'Andriamanitra" (Efe 5. 5).*** Marina izany hoy aho, kanefa tiako fantatra fa maninona izy no aty satria dia nitory tamin'ny vahoaka maro izy! Hoy Jesosy: ***"Eny anaka, afaka miteny zavatra maro izy, saingy izy kosa dia tsy mba niteny ny marina araka ny tokony ho izy. Tsy mba nilaza ny marina mihitsy izy na dia fantany tsara aza izany. Nakamamy ny vola nihoatra noho ny famonjena ny fanahy izy. Tsy mba nilaza ny fisian'ny helo sy ny paradisa izy. Aty izy ankehitriny, ry zanako"***

Nijery azy aho, ary indro nisy bibilava be feno tsilo nanodidina ny tendany, niezaka ny nanala izany izy saingy tsy naha-afaka. Niangavy ny Tompo izy: "Tompo ô, vonjeo aho! Mamindra fo amiko, esory ato amin'ity toerana ity aho. Mifona re! tiako ny hiverina eny ambonin'ny tany mba hibebaka." Nibanjina azy ny Tompo ary niteny hoe: **"Fantatrao tsara ny fisian'ity toerana ity…tara loatra, tsy misy hevitra intsony."**
Hoy Jesosy: "Ry zanako, indro asehoko anao ny fiainany".

Nasehony ahy teo amin'ny fahitalavitra lehibe iray ny tantarany. Hitako izy nitarika lamesa im-betsaka tamin'ny vahoaka maro, ary ny vahoaka dia manompo sampy. **Jereo tsara anaka fa tena feno sampy ny toerana. Tsy mahavonjy ny fanompoan-tsampy. Izaho irery ihany no mpamonjy, ankoatra Ahy dia tsy misy lalana ahazoam-pamonjena. Ry zanako, tiako ny mpanota saingy halako ny ota. Lazao amin'ny olombelona rehetra fa tiako izy ary mila manantona Ahy izy ireo.**

Nandritra ny fotoana nitenenan'ny Tompo, dia hitako ny fomba nahazoany volabe ary nohazoniny ho azy irery izany. Nanan-karena tokoa izy. Hitako tsara izy nipetraka teo amin'ny seza fiandrianany teny an-tany. Lazaina fa tsy mahazo manam-bady ireny mpitondra fivavahana ireny, nefa indrisy fa miara-matory an-tsokosoko amin'ny vehivavy nanokan-tena ho an'Andriamanitra ihany koa izy ireny, ary vehivavy hafa ihany koa. Tsy mamorona velively aho, fa ny Tompo no nampiseho ahy izany.
Ny Tompo no nampiseho ahy ny toetran'ireny mpitondra fivavahana ireny izay miaina ao anatin'ny fijangajangàna. Ny Tenin'Andriamanitra dia milaza fa ny mpijangajanga dia tsy handova ny fanjakan'Andriamanitra na oviana na oviana. Raha variana nijery izany rehetra izany aho, dia hoy ny Tompo tamiko: "**Izay hitanao anaka, sy izay nasehoko anao tamin'ny fiainan'io lehilahy io, dia toy izany no niainany ary koa ataon'ireo mpitondra fivavahana maro izay mbola velona any ambonin'ny tany". Nanafatra ahy Izy nanao hoe: "Ry zanakovavy, mandehana lazao fa tonga ny fotoana hanatonany ahy amin'izay".**

Nasehon'ny Tompo ahy fa olona maro no mitanjozotra handeha mankany amin'ny helo. Nanontany azy hoe maninona ireny olona ireny no mizotra mankany amin'ny afobe. Asehoko anao, hoy Izy. Dia nasehony ahy olona marobe mifatotra ny tanany sy ny tongony, miakanjo mainty ary mibaby entana mavesatra ao an-damosiny. Hoy ny Tompo: **"Ireo olona hitanao ireo dia olona mbola tsy mahalala Ahy, ny entana babeny ao an-damosiny dia tsy hafa fa ny fahotany. Ry zanako, mandehana teneno izy hanatona ahy fa mamela azy sy mandray azy malalaka sy amim-pitiavana Aho. Ampahafantaro azy ireny fa mizotra mankany amin'ny afobe ny lalany".**

Rehefa nijery azy ireo nizotra aho, indro hitako tao koa ny rahavaviko, ny anadahiko, ny fianakaviako. Niteny tamin'ny Tompo aho ny fahitako azy ireo. Nanafatrafatra ny Tompo**: "Mandehana ilazao izy ireo fa mizotra ho aty amin'ny helo. Lazao izy fa nifidy anao aho ho mpitondra hafatra, ary izay lazainao dia marina.Tsy maintsy ambaranao izay nasehoko taminao. Raha tsy miteny ianao ka lasa aty amin'ny helo ilay olona dia hadiniko aminao ny rany. Fa raha milaza ny marina kosa ianao fa izy no tsy mety mihaino, afaka adidy ianao, fa io olona io kosa dia tsy maintsy hihaona amiko hanontaniako. Raha tsy mety mibebaka izy, dia hadiniko ny amin'izay tokony nataony izy, fa ho afaka kosa ianao" (Ezek 3:18).**

Nolazain'I Jesosy tamiko fa be dia be ny olo-malaza very aty amin'ny helo. Ohatra amin'izany I **Mickael Jackson**. Nalaza dia nalaza izy teto amin'izao tontolo izao, saingy "sataniste", izany hoe nanao fifanarahana tamin'ny devoly. Izany fifanarahana izany no nahazoany mpankafy marobe nanaraka azy teto amin'izao tontolo izao.
Hitako ireo devoly manitsaka ireo olona any amin'ny helo, mamindra amin'ny dihy izay nataony tety ambonin'ny tany. Mihemotra mikorisa izy ireo sady mifaly amin'ny fijaliana sy ny tebitebin'ireo izay ho very. Hitako very any amin'ny helo I Michael jackson. Mikiakiaka mafy ao anaty afo izy. **Milaza aminao aho, fa na iza na iza mihaino, mihira na mankafy ny hirany dia mihazakazaka mankaty amin'ny helo izy**. Amin'izao fotoana izao, lavo tanteraka amin'ny anaran'I Jesosy izany. Jesosy dia te hanafaka anao, mba tsy ho very ianao.

Niteny tamiko ny Tompo, fa misy olona efa mahalala Ahy koa very aty amin'ny helo. Fa nahoana hoy aho? Ireo olona izay nahafoy ny lalako, ary manompo tompo roa, hoy Jesosy. Dia nasehony ahy ireo olona izay mizotra mankany amin'ny helo, mifatotra ny tongony sy ny tanany. Samy manao akanjo fotsy avy izy ireo, saingy rovitra, mipentipentina ary miforiporitra.

“Ry zanakovavy, mampahafatantra anao aho, fa tsy tonga aho ho an’ny karazana olona toy izany. Tonga aho hoan’ny vahoaka masina, tsy misy loto sady tsy misy pentipentina…mandehàna teneno izy ireo hiverina amin’ny lalana izay efa nalehany taloha, hiverina amin’ny fitiavana voalohany” (Efe 5:26, 27). Nanomboka nahita ny dadatoako aho, sy ny olona maro izay efa tsy niaraka tamin’ny Tompo intsony. **“Mandehàna, hoy Jesosy, lazao izy ireo fa vonona aho hanafaka azy amin’ny enta-mavesatra izay babeny, ka hanome azy ireo fitsaharana”**. Sady mitomany Izy no miteny izany. **“Ry zanakovavy, mizotra mankaty ny dian’izy ireny, mandehana teneno ny dadatoanao sy ny nenitoanao, ny fianakavianao, fa mihazakazaka ho aty amin’ny helo izy ireo. Ry zanako, betsaka no tsy hino anao; saingy Izaho no vavolombelona mahatoky ho anao. Izaho tsy handao anao mihitsy. Ry zanako, na dia tsy hino aza izy ireo, lazao foana ny marina, satria Izaho miaraka aminao. Asehoko anao ankehitriny ny fomba ahatongavan’ny olona aty amin’ity toerana ity”.**

Tonga teo amin’ny Tonelina anankiray izahay, izay misy olona tsy tambo isaina mianjera any an-davaka. Isaky ny segondra; dia sesehena ny fanahy very sy mianjera any amin’ny helo, tahaka ny fasika araraka avy amin’ny Tanana. Faingana dia faingana ny fiianjeran’ny fanahy very any ambany any. Jesosy nitomany! Hoy izy: **“Anaka, tahaka izao ny fahafatesan’ny zanak’olombelona, toy izao no fahaverezany. Mampalahelo Ahy ny mahita ny zanak’olombelona maty.”**

Dia niteny Jesosy**: ”Ny devoly ihany koa dia mivory aty amin’ity toerana ity. Mihaona sy mivory izy ireo hametrahany ny tetik’ady hanafihana an’izao tontolo izao. Manao fivoriana miafina isan’andro izy ireo”.** Ary nentin’I Jesosy aho hahita amin’ny efitrano kely anankiray, izay misy latabatra hazo sy seza manodidina. Nanazava ny Tompo: **“Anaka, mivory izy ireo izao hanapotika ny ankohonan’ny Pasteurs, ny Missionnaires, ny Mpitory Filazantsara ary na iza na iza mahalala ahy. Anaka, vonona izy ireo ny hanapotika azy ireo, amin’ny alalan’ny zana-tsipika be dia be”.**
Sady mihomehy sy manao eson-teny ny devoly: ”Potehintsika izao tontolo izao ary entitsika aty amin’ny helo”. Nanafatra Jesosy: **“Mandehana ianao, lazao ny oloko fa miaraka aminy Aho. Aza avela hisy varavarana mivoha idiran’I Satana, na hanome toerana ho an’ny devoly, satria izy ireo dia tahaka ny liona noana mitady izay harapany” (I Pet 5: 18).** Ny tena Liona anefa dia ilay Liona avy amin’ny fokon’I Joda (Apo 5:5). Ry zanako, hoy Jesosy, tonga izy ireo hanapotika ny ankohonan’ny mpitandrina.

Nanontany aho hoe: ”Fa nahoana no tian’izy ireo ho potehina ny ankohonan’ny Mpitandrina? Hoy Jesosy, “**satria izy ireo no mpiandry ny ondry marobe izay nankinin’ny Tompo taminy. Tiany hiverin-dalana any amin’izao tontolo izao ireo ondry ireo, ary dia hiafara any amin’ny helo. Mandehana lazao ny Pasteurs mba hilaza ny marina. Teneno izy ireo hanambara ny marina, sy hanambara izay rehetra nolazaiko, ary tsy hisy hihazona izay rehetra efa nambarako”**.

Rehefa niala teo amin’io toerana io izahay, dia nentin’ny Tompo tamin’ny toerana hafa indray aho. Anehoako zavatra ianao, hoy Jesosy. Misy zaza very koa aty. Taitra aho ka niteny hoe: ”Misy zaza very aty amin’ny helo?” Fa tsy ianao va no niteny hoe: ***“Avelao ny zaza hanatona ahy, ary aza raràna fa an’ny toa azy ny fanjakan’Andriamanitra?” (Mat 9:14).*** Tena marina izany anaka, hoy ny Tompo, ny fanjakan’Andriamanitra dia an’ny toa azy tokoa, fa ny zaza dia mila manatona ahy, fa izay manatona ahy dia tsy ho laviko mihitsy (Jao 6:37). Nandritr’izany fotoana izany no nahitako ankizy kely iray 8 taona mijaly ao anaty afo. Nikiakiaka ilay zazalahy kely: “Tompo o mamindra fo amiko, esory ato amin’ity afo ity aho. Tsy te hipetraka ato aho”. Ary sady mitomany izy no mikiakiaka. Indro, hitako ny devoly mihodikodina eo amin’io zazalahy io, maka endriky ny “bandes dessinnés”: “Dragon ball”, “ben 10” “pokemon”, “Dora”, etc…

Tompo o, fa nahoana no aty amin’ny helo koa ity zazalahy ity? Indro, nasehon’I Jesosy ahy ny horonan-tsary mampiseho ny fiainan’ity zazalahy ity, tahaka ny mijery ireny fahitalavitra ireny aho. Ny fiainany manontolo dia lany tamin’ny fijerena “bandes déssinées”.

Anaka, ireny bandes déssinées, films, tantara an-tsary alefa isan'andro ireny dia fitaovan'I Satana hamotehana an'izao tontolo izao.
Jereonao anie ny zavatra izay nitranga e! Hitako fa mikomy amin'ny ray aman-dreniny sady tsy laitra anarina ity zaza ity. Rehefa miteny azy ny ray aman-dreniny, dia lasa mivoaka izy ary mitsoaka. Izy nilefa iny indrindra no voahitsaky ny fiara, dia izay no vita, Maty! Ary nanomboka tamin'izay, hoy Jesosy, dia aty amin'ny helo izy. Nibanjina ilay zazalahy aho, ary endrey ny fijaliany. Ka hoy Jesosy tamiko**: "Mandehàna, teneno ny ray aman-dreny hampianatra ny zanany amin'ny fahazavan'ny Teniko" (Ohab 22:6).** Velona ny Tenin'Andriamanitra. Mampianatra antsika hanafay ny zaza izy, tsy amin'ny fotoana rehetra akory, fa amin'ny fotoana tsy ankatoavany ny ray aman-dreny (Ohab 22:15). Misy ankizy be dia be aty, hoy Jesosy, vokatry ny bandes déssinées sy ny tsy fankatoavana.
Nanontany ny Tompo aho hoe, fa maninona no ratsy ny bandes déssinées? Satria hoy ny Tompo ny devoly no ao anatin'izy ireny, mampianatra ny olona hikomy, tsy hankato, hankahala, hanao an-dolom-po, ary mampianatra ny ankizy hampihatra izany eo amin'ny fiainany andavanandro. Mampianatra ny ankizy hanao zavatra ratsy fa tsy ny tsara velively. Nanontany ny Tompo ihany koa aho hoe: "Ankizy manao ahoana moa no lasa aty amin'ny helo?" Namaly tsotra izy hoe**: "Amin'ny fotoana ahafantaran'ny zaza fa misy ny paradisa ary misy koa ny helo, dia efa manana ny safidiny izy".**

NY FANJAKAN'ANDRIAMANITRA

Mbola misy zavatra be dia be tokony holazaina ny amin'ny afobe, saingy aleo indray hanambara ny amin'ny paradisa aho. Hoy ny Tompo**: "Ry zanakovavy, asehoko anao ny amin'izay efa namboariko ho an'ny olo-masiko".** Ary nandao ny afobe izahay, niverina tamin'ilay tonelina. Tsitapitapitr'izay, tonga teo amin'ny toerana nisy hazavana mahery be izahay. Dia hoy Jesosy**: "Ry zanakovavy, asehoko anao ny voninahitro"**. Nanomboka niakatra izahay ho any amin'ny fanjakan'ny lanitra. Tonga teo amin'ny varavarana nisy soratra volamena lehibe izahay: **"Tonga soa eto amin'ny fanjakan'ny lanitra".**

Hoy Jesosy: **"Ry zanakovavy, midira ianao satria Izaho no vavahady, raha izaho no hidiran'ny olona dia hiditra sy hivoaka izy sady hahazo hanina (Jao 10:9)".**
Rehefa avy niteny izany Izy dia nivoha ho azy ny varavarana ary niditra izahay. Hitako ny anjely midera, manome voninahitra ny Ray (Apok 7:11-12). Nandeha ihany izahay ary tonga teo amin'ny latabatra lavabe iray izay hita ny fiandohany saingy tsy hita kosa ny fiafarany (Apok 19:9). Hitako ilay seza fiandrianana lehibe, ary seza maro be manodidina azy. Teny anelanelan'ny seza, dia nisy akanjo be dia be nisy satro-boninahitra. . Dia hoy Jesosy: ***"Ry zanakovavy, ny satroboninahitra izay hitanao, dia ny satroboninahitry ny fiainana" (Apo 2:10).***

Ary niteny izy hoe**: "Ry zanakovavy, izao no zavatra karakaraiko ho an'ny vahoakako".** Hitako fa misy lambany fotsy ny latabatra, ary misy sisiny volamena. Ny vilia, ny kaopy dia volamena, misy voankazo, ary efa voaomana avokoa ny zavatra rehetra. Lafatra dia lafatra izany rehetra izany. Misy fitoerany lehibe iray ny divay eo afovoan'ny latabatra. Hoy Jesosy: **"Ry zanako, efa vonona ny zavatra rehetra handraisana ny Fiangonako".**

Dia nandeha indray izahay tamin'ny toerana izay nahitana olona maro tao an-jaridaina. Ireo olona voalaza ao amin'ny Baiboly ireo, saingy tsy misy antitra fa tanora daholo. Nahita tovolahy iray aho, misy mosara eny an-tanany, sady mandihy no midera an'Andriamanitra**. "Ry zanako, hoy Jesosy, io tovolahy hitanao mandihy io dia Davida mpanompoko"**. Mankalaza ny Ray izy. Nisy lehilahy hafa koa hitanay, ary hoy ny Tompo: **"Iry I Josoa, Mosesy, Abrahama".** Nantsoin'ny Tompo tamin'ny anarany izy ireo ary mitovy avokoa ny fiteniny . Ary nasehony ahy koa I **Maria Magdalena, I Saraha**.

Nanazava tamiko izy avy eo: **“Ity I Maria izay niteraka an’I Jesosy izay miresaka aminao ankehitriny. Lazaiko marina aminao, fa tsy mahalala intsony izay zavatra miseho any ambonin’ny tany izy, ary mandehana ianao lazao izao tontolo izao, ho an’ny mpanompo sampy, fa tena misy ny helo ary ny manompo sampy dia tsy handova ny fanjakan’Andriamanitra. Mandehana lazao izy ireo, fa raha mibebaka izy, dia handova ny fanjakan’Andriamanitra. Mandehana lazao fa tia azy ireo Aho, ary Maria dia tsy mahalala na inona na inona ny momba azy ireo. Ny hany azony ivavahana sy iankohofana dia Izaho, fa tsy Maria, na Gregoire, na ny olo-masina, na iza na iza, izay tsy afaka hamonjy na oviana na oviana. Izaho irery ihany no Mpamonjy, ankoatra Ahy, dia tsy misy na iza na iza**”. Naveriny intelo izany teny izany fa tsy misy olon-kafa afaka mahavonjy afa-tsy Izy irery ihany.
Diso fanantenana izao tontolo izao izay miankohoka amin’ ireo heveriny fa olo-masina, ary mivavaka amin’ireo sary vongana maro ataon’ny olona, kanefa devoly no ao ambadik’ireny.

Ambarako anao fa efa nanomana ny tsara lavitra ho anao ny Tompo, tiany ianao handova ny fiainan-danitra, ary hibebaka sy hiala amin’ireo karazana fanompoan-tsampy. Fa tsy mahavonjy ny sampy. Jesosy Kristy avy any Nazareta ihany no mpamonjy tokana, izay efa nanolotra ny ainy ho ahy sy ho anao ary ho an’izao tontolo izao. Dia sady nitomany Izy no nitalaho tamiko hoe: **“Ry zanakovavy, aza mangina ianao, mandehana lazao ny marina. Mandehana lazao izay zavatra hitanao”.**
Hitako ny fomba fideran’I Maria an’Andriamanitra. Tazako ny vehivavy, miaraka amin’ny volo lava, tsara tarehy izy ireo. Nanafatra koa Izy hoe**: ”Ry zanakovavy, teneno ny vehivavy hitandrina tsara ny voaly (volo) izay nomeko azy ireo**”. Ary niteny tamiko ny Tompo fa hampiseho ahy zava-dehibe ihany koa.

Indro, nahita tanàna ery lavitra ery aho, mamirapiratra, tanàna volamena. Niteny aho hoe: “Tompo o tanàna ahoana io? Te ho any aho”. Nohazavain’ny Tompo tamiko fa io no tanàna aty an-danitra, toerana namboarina ho an’ny vahoakany. Dia nandeha izahay, ary nandalo tetezana volamena. Tonga tamin’ny lalana volamena avy eo (Apok 21:21). Tsara sy tonga lafatra ny zavatra rehetra, tahaka ny vera mamirapiratra. Tsy takatry ny saina ny hakantony. Hitako fa anjely amin’arivony no manao ny tanàna. Ny sasany mahavita haingana ny trano, ny hafa kosa miadana dia miadana, ary ny anjely sasany tsy manao fa mipetraka fotsiny. Nanotany ny Tompo ny hevitr’izany aho**. “Ry zanakovavy, hoy Izy, toy izao no fomba fiasan’ny vahoakako aty an-danitra: ny anjely dia miasa mifanaraka amin’izay ataon’ny oloko any ambonin’ny tany. Ry zanako, tsy mizara ny Filazantsara intsony ny vahoakako any ambonin’ny tany. Tsy mifady hanina intsony izy. Tsy mandeha mizara trakta sy taratasy manambara ny marina intsony izy, menatra ny vahoakako amin’izao fotoana izao. Lazao izy hiverina amin’ny lalana efa nizorany. Ireo anjely hitanao tsy manao na inona ireo, dia anjelin’ireo izay efa nahafoy ahy eny ambonin’ny tany. Ry zanako, mandehana lazao izy ireo hiverina amin’ny lalana tsara izay efa nizorany” (Jer 6: 16).** Rehefa niteny izany Izy dia nitomany mafy.

Naheno olona mihira kosa aho rehefa avy eo. Tiako hoy aho, mantsy ny Tompo raha mba entinao any amin’izany olona mihira izany aho. Nandinika ahy ny Tompo, fantatro fa mibanjina ahy Izy saingy tsy afaka nahita ny endriny aho. Tsy nahita izay toetry ny tarehiny aho. Rehefa kotsan’ny ranomasony ny akanjony, dia nanontany Azy aho ny anton’izany, saingy tsy niteny Izy.

Avy eo dia tonga teo amin’ny zaridaina tsara tarehy anankiray koa izahay, teo afovoan’ny tanàna taty an-danitra. Nahita voninkazo maro mihetsiketsika aho. Nanondro azy ireny ny Tompo sady niteny hoe: **“Henoinao, mankalaza sy manome voninahitra Ahy ny voninkazo! Ny vahoakako kosa, any ambonin’ny tany, tsy manao izany intsony, tsy mitady ahy intsony izy ireo”.**
Izany hoy Jesosy no mahatonga Ahy hiteny aminao, hanambara amin’izy ireo mba hitady Ahy, satria ho avy Aho. Ho avy Aho, saingy ho an’ny olona nitady Ahy tamin’ny fanahy sy ny fahamarinana ihany, dia ho an’ny vahoaka izay vonona sy manana ny fahamasinana. Sady nitomany Izy no niteny hoe: “Avy Aho, Avy Aho”, ary dia fantatro ny antony nampitomany Azy satria tsy ho avy ho an’ny olona rehetra Izy, fa ho an’izay nitady Azy marina ihany.

Niteny tamiko amin'izay ny Tompo fa tonga ny fotoana tokony hiverenako eny ambonin'ny tany amin'izay. Saingy namaly Azy aho fa tsy te-hiverina any intsony. Te hijanona miaraka Aminao aho, hoy aho. Efa nentinao aty aho, ka tsy te ho aiza na aiza intsony aho.

Dia hoy Jesosy: **"Ry zanakovavy, ilaina ianao miverina any ambonin'ny tany mba hanambara fa tena misy ny voninahitro sy ny fanjakako, izay nasehoko anao dia tena zava-marina ary misy, mba hanatona Ahy izao tontolo izao, hibebaka ary tsy ho faty".** Nitomany nihohoka teo amin'ny tongony aho, ary nahita ny holatra. Nanontany azy aho hoe, fa inona no dikan'io holatra io. Namaly Izy: **"mariky ny famonjena izay nataoko ho an'izao tontolo izao omaly io, dia ny nanolorako ny aiko hamonjy ny olona rehetra".**

Ary nasehony ahy ihany koa ny holatra tamin'ny tanany. Nanontany ny antony mbola tsy hialan'izany holatra izany amin'ny tanany aho. Nohazavainy tamiko fa mbola entiny foana ny holatra, mandra-pahatongan'ny olom-boavonjy rehetra aty an-danitra. Dia niteny tamiko izy avy eo, fa tsy maintsy mamerina ahy any ambonin'ny tany satria miandry ahy ny fianakaviako. Niezaka ny nandà aho, nefa nanondro tery ambany Izy ka niteny hoe: **"Jereo, ireo vahoaka izay hitanao, dia ny fianakavianao, ary io vatana hitanao midaboka io, hiverina ao ianao. Tonga ny fotoana handaozanao ity toerana ity"**. Nentiny teo amin'ny renirano iray aho, izay madio mangalahala ka nasainy nitsoboka tao aho, ary nahatsapa fifaliana mbola tsy nisy tahaka izany, ary nihevitra aho fa tsy hiverina any ambonin'ny tany intsony. Fa hoy ny Tompo**: "Ry zanakovavy, tsy maintsy miverina any ambonin'ny tany ianao. Mialohan'izany hasehoko anao ny zavatra hiseho amin'ny fotoana hahatongavako sy hisehoako amin'ny vahoakako masina".**

NY FIHAVIAN'NY TOMPO SY NY FAMPAKARANA

Nandeha tamin'ny toerana iray izay nisy "ecran" lehibe iray izahay, izay afaka mahita ny olona rehetra eny ambonin'ny tany. Hitako tamin'izay fa olona maro be no nanjavona, ny vehivavy bevohoka, tsy nahita intsony ny zaza ao an-kibony. Nikiakiaka sy nitalaho izy ireny. Be dia be ny ankizy nanjavona. Nihazakazaka sy nivezivezy ny olona maro nitaraina: "tsy rariny izao! Tsy rariny izao! Fa inona ny mitranga? Dia hitako ireo izay nahalala ny Tompo, nefa tsy tafakatra niaraka taminy. Niteny izy ireo, fa tonga ny Tompo, ary efa nampakatra ny azy Izy. Nikiakiaka izy ireo ary mitady hamono tena, nitady fahafatesana fa tsy nahita (Apok 9:6). Nanazava tamiko ny Tompo, fa amin'izay fotoana izay dia handositra ny fahafatesana, ny Fanahy Masina dia hiala tsy ho ety ambonin'ny tany intsony. Be dia be ny loza hitako, saingy tsy nisy maty na iray aza, velona daholo na dia maratra aza.

Indro ihany koa, olona maro amin'arivony mitandahatra sy mikiakiaka miteny hoe "Niverina ny Tompo, niverina ny Tompo, mamindra fo amiko, ento miaraka Aminao aho". Ka niteny tamiko ny Tompo: **"Amin'izany fotoana izany, dia tara loatra, fa amin'izao fotoana izao no tokony hibebahana. Ry zanakovavy, mandehana ianao, teneno izao tontolo izao mba hitady Ahy, fa amin'ny fotoana hiverenako, dia tsy misy hevitra intsony" (Isa 55.6).** Tamin'ny fotoana nilazan'I Jesosy izay hanjo ny olona tavela eny ambonin'ny tany, dia nitomany Izy ary niteny hoe: Ry zanakovavy, ho avy any amin'izao tontolo izao Aho araka ny voalaza ao amin'ny ***I Tes 4: 16-17 "Fa ny tenan'ny Tompo no hidina avy any an-danitra amin'ny fiantsoana sy ny feon'ny arikanjely ary ny trompetran'Andriamanitra, ka izay maty ao amin'I Kristy no hitsangana aloha; ary rehefa afaka izany, dia isika izay velona ka mbola mitoetra no hakarina hiaraka aminy ho eny amin'ny rahona hitsena ny Tompo any amin'ny habakabaka; dia ho any amin'ny Tompo mandrakariva isika"***. Tsy ny olona rehetra anefa no hiaraka amin'ny Tompo, fa ireo izay nanao ny sitrapony ihany (Mat 7:21), dia ireo izay niaina tamin'ny fahamasinana, ny madio ihany no afaka hiditra ny fanjakan'Andriamanitra (Heb 12:14). Tsy misy hahalala ny fotoana izay hihaviako hangalako ny olo-masiko, na dia ny anjely any an-danitra aza, hoy ny Tompo (Mat 24:36).

Hitako teo amin'ny ecran fa nihodikodina sy nivezivezy ny olona. Nivoaka tamin'ny gazety sy ny revio ny lohateny lehibe hoe "TONGA JESOSY". Dia niteny ny Tompo : "Ry zanakovavy, ho avy aho, fa ho an'ny vahoakako masina ihany". Izay ny zavatra rehetra nasehony ahy, ary dia naveriny tety ambonin'ny tany aho.

Nohodidinin'ny anjely izahay, ary nidina tamin'ny tohatra fotsy nisy voninkazo tsara tarehy amin'ny andaniny sy ny ankilany. Nitomany teny an-dalana aho ary nitalaho tamin'ny Tompo: "Aza avotsotrao aho, aleo aho hiaraka aminao". Hoy Izy: **"Ry zanakovavy, miandry anao ny firenenao, ny fianakavianao. Ry zanakovavy, tsy maintsy miverina ao amin'ny vatanao amin'izay ianao. Tsy maintsy hovelomina amin'izay ianao, mba hjijoro vavolombelona ny amin'izay zavatra efa hitanao. Betsaka no tsy hino anao. Maro koa anefa no hino, Izaho no Vavolombelona mahatoky. Hiaraka aminao Aho ary tsy handao anao mihitsy".**

NY FIVERENANA TETY AMBONIN'NY TANY

Maxima:

Rehefa velona indray ny zanakovavy, izahay dia mbola niandry izay zavatra hiseho teo akaikiny teo. Nisento indray mandeha izy, dia izay. Nisaotra ny Tompo aho satria niverina ny zanako. Nisaotra an'Andriamanitra avokoa izahay. Nanomboka niaina tsikelikely izy, afaka adiny dimy vao nihiratra ny masony. Ary tena mbola reraka izy ka na ny teny lazainy aza tsy fantatra. Ny varavarankely dia nakatona satria tsy nahazaka ny taratry ny hazavana izy. Samy te-hahalala ny zava-niseho izahay, ary tianay izy hanambara ny zavatra izay hitany. Saingy tena reraka izy, tena kely fotsiny ihany no afaka nambarany.

Noho izany antony izany, tapa-bolana taty aoriana vao afaka nitantara ny zavatra rehetra hitany taminay izy. Nampahory dia nampahory azy kosa anefa ny devoly taorian'izay. Hitany maso izy ireo mampijaly sy nampahory azy, ary nisakana azy tsy hilaza na inona na inona. Nanotany azy izy ireo ny antony hahatongavany. Dia hoy ny devoly:"Tonga izahay hampanao Sonia fifanarahana aminao mba tsy hitenenanano na inona na inona. Tsy mahazo milaza izay hitanao tany amin'ny helo ianao, fa raha tsy izany dia ho vonoinay". Hitany ny endrik'ireo devoly fa ratsy dia ratsy, matavy be, tsy misy hijerena azy. Tsy misy teny mahazava ny endrika ratsiny. Roahiny izy ireo, fa tsy te-handeha. Rehefa avy izy ireo, dia te hitsambikina eo aminy ary hanakenda azy. Nanohitra azy ireo izy, saingy toa tsy nanan-kery. Nandroaka azy farany anefa izy, ary nisy hazavana tampoka tonga ary dia nitsoaka avokoa izy rehetra. Hay ny Tompo no tonga teo. Tsy mora velively ny nahazo ny zanakovavy. Nahazo hafatra ho an'ny zanak'olombelona rehetra izy mba hitady ny Tompo. Saingy mieritreritra ny zanak'olombelona fa marina, tsy misy tsiny. Ny tanora dia voafatotry ny rongony, ny zava-maha-domelina, ny toaka, ary mihevitra izy fa tsy maninona izany. Nefa tsy izany velively, fa loza no aterak'izany.

Marina ny tenin'Andriamanitra izay manambara: ***"Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa ny teniko tsy mba ho levona" (Mar 13. 31)***. Ho tanteraka amin'ny fotoanany ny tenin'Andriamanitra. Nasehon'ny Tompo azy ny tonelina izay itanjozoran'ny olona marobe mankany amin'ny helo. Tena misy izany! Eny, na ny mpino aza mety tsy hino izany, ary maro ny handà ny fahamarinan'izany.
Aoka isika hitady ny Tompo, tsy eo imolotra fa amin'ny fo tokoa satria efa antomotra ny andro hiverenany. Hoy Jesosy**: "Tsy eo am-baravarana intsony aho, fa efa nihoatra izany, ho avy tsy ho ela Aho. Niverin-dalana ny oloko ary nanaraka ny fanaon'izao tontolo izao…teneno izy ireny mba hiverina amin'ny lalany fahiny."** Ny fiangonana ankehitriny dia mila miverina amin'ny lala-marina fahiny, izay nisian'ny afom-panahy mavaivay nitadiavana ny Tompo. Rehefa haneno ny trompetra, dia mila vonona hihaona aminy isika ary tena fahasambarana tokoa izany.

Tsy vazivazy ity hafatra ampiataina amintsika ity, tsy tantara noforonina, tsy nofy, ny afobe dia teny misy tokoa. Tsy hitako ny teny hanazavana aminao fa tena misy. Manantena aho fa hanaiky sy hino izany ianao.

Efa akaiky ny fotoana. Nasehon'Andriamanitra amin'ny zanak'olombelona ny zavatra tsy maintsy hitranga amin'ny alalan'ny famantarana. Aza mitoetra ao amin'ny fanamelohana, fa izany no sitraky ny devoly. Manontania tena sao dia efa mandeha any amin'ny tonelin'ny afobe ianao amin'izao fotoana izao. Izao fotoana izao no andro famonjena. Ankehitriny izao dia ora hiangavianao an'I Jesosy hiditra eo amin'ny fiainanao. Izao no teny tsotra azonao tenenina: "Manaiky Anao aho Jesosy ho Tompoko sy Mpamonjiko. Omeko anao amin'ny foko rehetra ny fiainako sy ny fanahiko.Te hiaraka aminao mandrakizay aho".

Fidio ny ho avinao mandrakizay: na ny fiainana na ny fahafatesana, na ny Paradisa na ny Helo, na Jesosy na ny devoly. Mazava, na an'I Jesosy ianao, na an'ny devoly. Na ianao manao zavatra tsara, na ny ratsy. Fidio ny ho avinao, na ny fiainana mandrakizay, na ny farihy afo. Eritrereto tsara izany teny izany. Manapaha hevitra ankehitriny satria efa maty ho anao teo amin'ny hazo fijaliana ny Tompo, ary mbola manome antsika malalaka ny famonjena noho ny famindrampony. Ekeo Jesosy ho hany Mpamonjy anao.

Koa satria efa nandre sy nahita izao fijoroana vavolombelona izao ianao, tandremo mba tsy hanenina, sanatrian'izany, any amin'ny helo mandrakizay.